# ALAHADY - KAREMY 3 - TAONA A 2026



## *MAHATOKY ANDRIAMANITRA*

> **Vakiteny I :** Eks. 17, 3-7
> **Tononkira :** Sal. 94,
> **Vakiteny II :** Rôm. 5, 1-2, 5-8
> **Evanjely :** Jo. 4, 5-42

Ry Kristianina havana, manomboka amin'izao Alahady fahatelon'ny karemy izao dia ny Evanjely nosoratan'I Md Joany no vakintsika isan'Alahady fa indrindra ireo Evanjely maneho izay famantarana mifandray akaiky amin'ny batemy. Tsy mahagaga izany satria amin'izao herinandro vitsivitsy manakaiky ny Paka izao dia asaina ny Eglizy handinika bebe kokoa mikasika ny batemy fandalovana isika, miala amin'ny fahafatesana miditra amin'ny fiainana. Araka izany ny Alahady fahatelo sy fahaefatra ary fahadimy dia handinihantsika ireo famantarana ao amin'ny Evanjelin'I Md Joany izay ahitana ny fanazavana ataon'I Jesoa mikasika an'ireo famantarana ireo.

Amin'ity Alahady fahatelo ity dia ny famantarana mikasika ny rano no resahina, izany hoe ny fihaonan'i Jesoa tamin'ilay vehivavy Samaritana. Maro ny zavatra azo resahina mikasika ity Evanjely fa indrindra tena mamintina ny fiaraha-monina misy antsika. Tsy tantara mandalo fa mibaribary eto ny toetrantsika mora mitsara sy manameloka. Fotoana hiovana izao karemy izao aoka ny tondro-molotra sy fitsaran'olona. Samy mpanota ka meteza hiova, hifamela heloka sy hifamindra fo dia ho Paka fifaliana ny fiaraha-monina misy antsika.

Manaraka izany dia samy mangetaheta isika, samy mangetaheta famonjena nentin'i Kristy. Ho hitantsika amin'ireo famantarana hatramin'ny Alahady fahadimin' ny karemy ireo fa miara-belona amintsika tokoa i Jesoa ka manala an'izay rehetra mandrakotra ny fiainantsika ka mitondra antsika amin'ny tena fiainana. Koa anjarantsika ny mandray Azy. Raha mandray azy isika dia mahazo fahasoavana ary ho feno hafaliana. Ny hahafantarana fa nandray fahasoavana isika dia tsy mitana samirery ho antsika ny hafaliana vokatry ny fahasoavana fa manambara azy amin'ny manodidina. Matetika isika tsy mahafantatra ka manontany raha tena votom-pinoana isika ?

Raha isika mandray sy manome dia manambara izany finoana izany amin'ny alalan'ny fahafoizana, fanompoana, faharetana satria izany ny Vaovao Mahafaly nentin'i Kristy. Izany ny finoana velona ka mahatonga antsika ho EOV Eglizy olona Velona manorina ETA Eglizy tranoben'Andriamanitra....

Ny Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady fahatelo izao dia manambara fa efa manakaiky ny fiakarana eny an-tendrombohitra isika. Isika eto Antsiranana moa dia ny fanaovana ny pelerinajy eny amin'ny "montagne de francais" izay hibanjinantsika an'i Jesoa mpiara-belona amintsika ka hiakatra eny an-tendrombohitra. Ary dia hiova fo tokoa isika ho zary "chapelle" velona eo anivon'ny tanànantsika ka hizara ny fahasoavana eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika, ho zary Mpivahin'ny Fanantenana mamfy hafaliana sy

fiadanana ary fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao marary.... ary ny firenentsika dia tena marary ka mila izay fanasitranana izay....

Mangetaheta ny famindrampon'Andriamanitra izao andro iainantsika izao, izany no voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany " *Tamin'izany andro izany dia main'ny hetaheta ny vahoaka, ka nimonomonona tamin'i Môizy nanao hoe: "Ahoana no nampiakaranao anay hiala tany Ejipta, hahafatin'ny hetaheta anay sy ny zanakay mbamin'ny bibinay?"*

Mitranga amin'ny fiainantsika ankehitriny koa izany, rehefa tojo zavatra manahirana isika dia mitady hanome tsiny an'Andriamanitra, mahatoky anefa Izy Andriamanitra ka tsy mivadika amin'ny dinam-pitiavany. Raha nimonomonona ny vahoaka dia nomen'Andriamanitra rano velona ary tandindon'i Jesoa io rano velona io, Izy ilay rano mamelona antsika amin'ny Paka, ilay hanaovana batemy antsika ka ahazoantsika ilay ain'Andriamanitra." *Fa indro Aho hitsangana eo anoloanao ao amin'ny vatolampy izay any Hôreba; hikapoka ny vatolampy ianao; dia hivoaka ny rano ary hisotro ny vahoaka".*

Io ny tantaran'I Masa sy Meriba izay nolazaina fa naka fanahy ny Tompo Andriamanitra nefa eo afovoan' izy ireo tokoa ny Tompo *" Nataon'i Môizy teo anatrehan'ny loholon'i Israely izany, ary nomeny anarana hoe: Masah sy Meribah io fitoerana io, fa nila kisa ny zanak'i Israely, sy naka fanahy ny Tompo nanao hoe: "Eto afovoantsika va ny Tompo sa tsia?"*

Anjarantsika izany no misafidy : hahita ny Tompo eo amin'ny fiainantsika, izany no lazain'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (Rôm. 5, 1-2, 5-8 ) efa eo amintsika tokoa ny Fanahin'Andriamanitra satria niaraka amin'izany dia nomena antsika ny fitiavana. Io no rano velona mamelona ny fiainantsika. Raha lavitra ny fitiavana dia maty ny fiainantsika. Hitantsika izany eo amin'ny korontana maro isan-karazany eran'izao tontolo izao, eo amin'ny fiainantsika andavanandro, eo amin'ny fianakaviantsika, eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary ka mahatonga ny fikorotanan'ny toetrandro.... Raiso àry ny Fanahy Masina, hararaoty izao vanim-potoan'ny karemy izao mba hihavaozantsika tokoa. Mihavana re amin'Andriamanitra satria raha mihavana Aminy isika dia karakarainy. I Jesoa mpiara-belona amintsika ka raiso ny sakramentan'ny famindrampon'Andriamanitra, hararaoty izao fotoana izao dia hiova ny fontsika ka hitoetra eo amin'ny fiainantsika tokoa ny fitiavan'Andriamanitra. Miaraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny fanantenana, tsy mba manodoka na mamitaka io fanantenana io. Raha ao amintsika tokoa ny fitiavan'Andriamanitra dia ho lavitra antsika ny ratsy, tsy hifamono isika fa hifanao soa ka hikatsaka ny soa iombonana. Mampahatsiahy ny lohahevitry ny Sinaody faha -7 fijanonana faha-3 dia ny Fianakaviana Eglizy kely mifanasoa sy mifampitsimbina ka mikatsaka ny soa iombonana.

Io no azo amintinana ny Evanjely mitantara ny fihaonan'I JESOA tamin'ilay vehivavy Samaritana. Vizana I Jesoa ka nanatona ilay vovo fantsakana rano tao amin'ny tanànan'i Sikara. Matoa I Md Joany namaritra ny ora sy ny toerana dia misy dikan'ny lehibe io fihaonan'i Jesoa tamin'ilay vehivavy samaritana io, izay nanambarany ny momba Azy hoe *izy Jesoa no rano velona, izy no mesia*. Azo lazaina fa fandalinam-pinoana no ataon'i Jesoa eto, taritiny tsikelikely ilay vehivavy mba hahatsapa fa Izy tokoa no tena famonjena.

Fa alohan'ny resaka rehetra dia mahavariana Jesoa "mangetahaheta".... Toa amanambara Izy amin'izany fa mangethateha antsika Izy. Tiany loatra ny hahavoavonjy antsika.... Asa tsapantsika izany? Ilay vahivavy Samaritana tsy nahatsapa aloha ka nampianar'i Jesoa .... Enga anie manaiky ho hanmpianaran'i Jesoa isika amin'izao karemy izao, amin'izao Sinaody tanterahantsika izao....

Izany no ataon'i Jesoa amintsika isaky ny mamaky baiboly isika, "inty ny zanako malalako henoy izy" hoy ny Ray tamin'ireo Apostoly tamin'ny Alahady lasa teo. Isaky ny mihaino ny Tenin'i Jesoa isika dia mampianatra Izy, raha mba "fantatrao manko ny fanomezan'Andriamanitra ?". Raha mba fantatsika izany fanomezana izany dia isika no hihazakazaka hanatona an'i Jesoa, izany no nataon'ilay vehivavy samaritana. Mampianatra antsika tsikelikely i Jesoa ary dia ambarany amintsika ny marina. Rehefa mihaona amin'i Jesoa isika ka fantatsika ny marina dia miova isika, mampiova ny fiainantsika ny marina, ny fihaonana amin'i Jesoa. Izany no niseho tamin'ity fihaonan'I Jesoa tamin'ilay vehivavy samaritanina ity, nambarany an'ity vehivavy samaritana ity ny ati-panahin'ny fiainany. Izany no mampiova antsika rehefa miaiky ny fahotantsika isika. Matoa isika tsy miova dia tsy manana fanetren-tena, mbola miavonavona isika tsy manaiky hampianarin'i Jesoa. Nampianarin'i Jesoa ilay vehivavy ka niaiky ny fahalemeny tamim-panetren-tena. Raha miaiky ny halementsika ao anatin'ny fanetren-tena isika fa indrindra amin'izao vanim-potoanan'ny karemy izao dia hiova ny fiainantsika tahaka an'ilay vehivavy samaritana. Izy ihany koa no nanambara amin'ny mpiara-belona aminy izay nandray an'i Jesoa ihany koa. Ny antenaintsika amin'ity tananantsika ity, ny diosezintsika ity, amin'ity Madagasikara izay mandalo fotoan-tsarotra izao ity dia aoka

handray an'i Jesoa. Raha mandray an'i Jesoa marina isika dia hiova ny fiainantsika, hihavao isika ary ho sahy hangataka amin'I JESOA aza hoe mitoera ety aminay. Io izany no tena lalan'ny fihavaozana sy ny fanorenana ary izany no kendrentsika amin'izao Sinaody fijanonana faha 4 izao izay hamondronantsika ireo fijanonana 3 voalohany ka ahafahantsika mandray an'i Jesoa tahaka ireo Samaritana. Amin'izay afaka milaza koa isika : *tsy noho ny filazanao intsony fa ny sofinay no nandre.*

Marina tokoa fa i Jesoa mitoetra eto amintsika no famonjena. Aza gaga isika raha misy mitady hanilikilika na dia eo anivon'ny eglizy misy antsika aza, henontsika tamin'ny Evanjely teo, ireo mpianatra dia mitady hanome tsiny an'i Jesoa noho izy miresaka tamin'ilay vehivavy. Voan'ny fakam-panahy izy ireo ka te hitazona an'i Jesoa ho azy ireo samirery, sanatria izany fa indrindra amin'izao fiomanantsika amin'ny Paka izao. Aoka isika tsy hanana fakam-panahy toy ny an'ireo apostoly ireo, aoka isika ho vonona hizara an'i Jesoa amin'ny hafa. Ambaran'i Jesoa fa ny fototry ny fiainantsika manontolo dia ny hanatanteraka ny sitrapon'ny Ray. Raha manatanteraka izany isika dia fantaro fa hiova ho tsara ny fiainantsika ka hanambara an'i Jesoa amin'ny hafa ary ireo hafa ireo no hanambara am-pahibemaso tahaka ny nataon'ireo vahoaka tamin'ilay vehivavy : *tsy noho ny filazanao intsony fa ny sofinay no nandre*.

Enga anie isika tsirairay avy amin'izao fiomanantsika amin'ny Paka izao, amin'izao ADY sady DIA izao, hanaiky fa I Jesoa mpiara-belona amintsika. Samy hahatsapa isika tsirairay avy fa nandre fa i Jesoa tokoa no mpamonjy. Raha Izy no mpamonjy dia dioviny ny fontsika ka hirehidrehitra fahamarinana sy fihavanana, amin'izay dia hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, ny fihavanana tena izy, ny fifankatiavana isika ka dia hihavao ny fiainantsika.

Enga anie isika ho "chapelle" velona tokoa, ho Mpivahin'ny fanantenana tahaka an'ilay vehivavy samaritana isika, hanambara amin'ny manodidina ary izy ireo kosa ho afa-milaza hoe : *"Tsy noho ny filazanao intsony no inoanay fa ny tenanay no nandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy ny olona".* Masina Maria Reny ampianaro izahay hangetaheta an'i Jesoa mandrakariva mba ho vonona hiova. Rehefa miova izahay dia zary Mpivahin'ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana ka hitory an'i Jesoa Fihavanana amin'ny manodidina. Md Josefa ampio izahay hifanojo amin'i Jesoa ka ho vonona hibebaka ary rehefa mibebaka ho tahaka ireo Samaritanina hankalaza an'Andriamanitra. *Amen*

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson